GENDER LINKS

HO FAMPANJAKANA NY FITOVIANA SY NY FAHAMARINANA



# FANOMBANANA HAINGANA NY FAHASALAMANA SY ZO ARA-PANANAHAN'NY ZATOVO TETO MADAGASIKARA

JANOARY 2022



Fanombanana haingana ny fahasalamana sy zo ara-pananahan'ny zatovo tao Tôlagnaro.

Sary: ZotonantenainaRazanadratefa

Miezaka hatrany i Madagasikara amin'ny fanomezana ireo tolotra momba ny fahasalamana ara-pananahana ho an'ireo zatovo sy tanora ao aminy, kanefa mbola misy etsy andaniny ireo banga mila harenina. Maherin'ny roa ampahatelon'ny (68%) tanora no nilaza fa nahazo soa aman-tsara ireo tolotra tsy nila ny fanatrehan'ireo Ray aman-dReny/mpiantoka. Saika misokatra avokoa ny ankamaroan'ireo tobim-pahasalamana aorian'ny ora fiasana (78%) sy mandritry ny faran'ny herinandro (74%). Ambony amin'ny ankapobeany ny salan'isa nomen'ny tanora eo amin'ny lafiny fisian'ny tsiambaratelo sy ny kalitaon'ny tolotra eto Madagasikara. Na izany aza, 33%-n'ireo tanora no nanamafy fa andoavam-bola ireo tolotra omena eny anivon'ireo tobim-pahasalamana, misanda 2 Dolara ($) amin'ny ankapobeany ny sarany.

Anisan'ireo vokatra azo nandritra ny fanombanana haingana ny fahasalamana sy zo ara-pananahan'ny zatovo natao tany Botswana, Eswatini, Lesotho, Madagasikara, Mauritius, South Africa, Zambia ary Zimbabwe ny Novambra 2019 hatramin'ny Desambra 2020 ireo. Mikendry ny hanamafy ireo ainga sy ezaka ataon'ny tanora amin'ny fampiroboroboana ny fahasalamana sy zo ara-pananahana amin'ny alalan'ny fitantanana ifotony mandala ny miralenta sy ireo tanora ity fikarohana ity. Tanora 13.395 eo anelanelan'ny 10 sy 19 (52%vehivavy ary 48%lehilahy) no nandray anjara tanaty ny fanadihadiana. Ho an'i Madagasikara, 1.993 ny tanora nohadihadiana (54% vehivavy and 46% lehilahy). Kaominina ivon-toerana mendrika folo no nanaovan'ny Gender Links Madagascar izany - Andoharanomaitso, Anjozorobe, Antanamitarana, Bongatsara, Fort-Dauphin, Foulpointe, Mahajanga, Manjakandriana, Moramanga and Toamasina. Tokony hovakiana miaraka amin'ny tatitra feno momba ny fandalinana natao tany amin'ireo firenena valo voakasiky ny fanadihadiana ity bokikely ity.

AMPLIFYCHANGE

Hivos people unlimited

TAREHIMARIKA FOTOTRA AZO TAMIN'NY FANOMBANANA HAINGANA NY FAHASALAMANA SY ZO ARA-PANANAHAN'NY ZATOVO TETO MADAGASIKARA

| Tondro | Angona firenena rehetra | Madagasikara | Andoharanomaintso | Anjozorobe | Antanamitarana | Bongatsara | Fort-Dauphin | Foulpointe | Mahajanga | Manjakandriana | Moramanga | Toamasina |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Totaly | 13 395 | 1 993 | 215 | 219 | 161 | 235 | 224 | 201 | 216 | 211 | 148 | 163 |
| %Vehivavy | 52% | 54% | 54% | 53% | 54% | 52% | 50% | 51% | 58% | 51% | 74% | 49% |
| %Hafa | 0.3% | 0% | 0% | 0% | 0% | 0% | 0% | 0% | 0% | 0% | 0% | 0% |
| %Lehilahy | 48% | 46% | 46% | 47% | 46% | 48% | 50% | 49% | 42% | 49% | 26% | 51% |
| ***Mahakasika ny tobim-pahasalamana*** | | | | | | | | | | | | |
| Anatin'ny 10km miala ny tranonao ve ny tobim-pahasalamana? % | 71% | 65% | 93% | 77% | 68% | 44% | 62% | 76% | 90% | 42% | 41% | 52% |
| Misokatra ve ny tobim-pahasalamana aorian'ny ora firavan'ny mpianatra? % | 57% | 78% | 100% | 41% | 95% | 88% | 77% | 55% | 99% | 71% | 76% | 78% |
| Misokatra ve ny tobim-pahasalamana mandritry ny faran'ny herinandro? % | 62% | 74% | 100% | 46% | 82% | 64% | 74% | 72% | 98% | 64% | 83% | 61% |
| Ahazoana aina tsara ve ny toerana fiandrasana sy fizahana marary ao amin'ilay tobim-pahasalamana? % | 82% | 83% | 96% | 85% | 93% | 64% | 65% | 90% | 86% | 86% | 82% | 88% |
| Andoavana sarany ve ny tolotra misy ao amin'ny tobim-pahasalamana? % | 29% | 33% | 12% | 29% | 6% | 58% | 75% | 9% | 33% | 42% | 12% | 39% |
| Sandany amin'ny ankapobeany (Dolara) | $2 | $2 | $1 | $1 | $2 | $1 | $2 | $2 | $1 | $2 | $1 | $2 |
| ***Kalitaon'ny fikarakarana*** | | | | | | | | | | | | |
| Ahitana mpanolon-tsaina olon-tsahala ve (nanampy)? % | 53% | 78% | 33% | 85% | 89% | 69% | 92% | 76% | 92% | 81% | 86% | 81% |
| Tanora voahaja nandritry ny fizahana % | 89% | 92% | 100% | 98% | 97% | 74% | 94% | 98% | 88% | 87% | 96% | 92% |
| Tanora tsy niaraka tamin'ny Ray aman-dReniny % | 58% | 68% | 78% | 81% | 75% | 57% | 73% | 47% | 67% | 60% | 78% | 67% |
| Tanora nilaza ny fanajana ny lafiny manokana % | 85% | 75% | 99% | 76% | 73% | 55% | 89% | 57% | 84% | 73% | 89% | 54% |
| Tanora nanamafy ny fiantohana ny fanajana ny tsiambaratelo % | 89% | 89% | 100% | 91% | 95% | 75% | 97% | 79% | 90% | 85% | 98% | 85% |
| Ampy tsara ny fotoana natokan'ny mpiasan'ny fahasalamana ho an'ny tanora % | 75% | 82% | 100% | 85% | 84% | 29% | 86% | 98% | 85% | 82% | 87% | 93% |
| Fahazoan'ny tanora fampahalalana mifanaraka amin'ny filany % | 74% | 82% | 99% | 84% | 90% | 33% | 87% | 93% | 84% | 82% | 83% | 89% |
| ***Tolotra momba ny fahasalamana ara-pananahana (%)*** | | | | | | | | | | | | |
| ***Fahasalaman'ny Reny*** | | | | | | | | | | | | |
| %Tanora nangataka ny hanao fanabeazana aizana | 31% | 46% | 96% | 17% | 49% | 50% | 74% | 21% | 61% | 12% | 46% | 40% |
| %Ireo tanora nitaky ka nahazo ireo tolotra amina fanabeazana aizana | 79% | 85% | 95% | 90% | 93% | 85% | 88% | 41% | 97% | 72% | 66% | 70% |
| % Tovovavy nangataka ny hanao ny fitiliana fitondrana vohoka | 29% | 42% | 81% | 15% | 22% | 70% | 64% | 9% | 59% | 13% | 38% | 45% |
| %Tovovavy nangataka ny hanao ny fitiliana fitondrana vohoka ka afaka nanao izany | 70% | 85% | 87% | 73% | 88% | 78% | 93% | 67% | 98% | 86% | 66% | 83% |
| %Tovovavy bevohoka | 9% | 5% | 0% | 4% | 10% | 13% | 6% | 4% | 3% | 3% | 1% | 5% |
| ***Fahasalamana mandritra ny fadimbolana*** | | | | | | | | | | | | |
| %Tovovavy nangataka irony salaka fanao amin'ny fotoanan'ny fadimbolana | 14% | 13% | 16% | 19% | 6% | 30% | 20% | 3% | 19% | 1% | 10% | 19% |
| %ireo nangataka salaka ka nahazo | 64% | 76% | 67% | 67% | 60% | 80% | 100% | 100% | 93% | 100% | 44% | 58% |
| ***VIH SIDA sy ireo aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofo*** | | | | | | | | | | | | |
| %Tovolahy nangataka ny ho atao didim-poitra | 40% | 33% | 67% | 16% | 41% | 49% | 58% | 15% | 36% | 10% | 63% | 29% |
| %Tovolahy nangataka ka nahazo fotoana hanaovana didim-poitra | 87% | 83% | 100% | 100% | 64% | 71% | 86% | 93% | 96% | 70% | 96% | 72% |
| %Ireo nangataka fitiliana ny otrik'aretina VIH | 45% | 30% | 48% | 27% | 21% | 39% | 48% | 29% | 43% | 1% | 11% | 32% |
| %Ireo nangataka fitiliana ny otrik'aretina VIH ka nahazo | 83% | 92% | 94% | 71% | 76% | 92% | 95% | 98% | 99% | 100% | 43% | 88% |
| %Ireo nangataka hanao fitiliana ireo areti-mifindra azo avy amin'ny firaisana ara-nofo | 17% | 24% | 20% | 12% | 26% | 38% | 49% | 13% | 37% | 2% | 10% | 43% |
| %Ireo nangataka hanao fitiliana ireo areti-mifindra azo avy amin'ny firaisana ka nahazo | 83% | 88% | 86% | 100% | 89% | 89% | 92% | 96% | 95% | 75% | 50% | 81% |
| %Nangataka ireo fanafody hanalefahana ny fivoaran'ny tsimok'aretina VIH (ho an'ireo efa tratra) | 6% | 12% | 4% | 6% | 17% | 35% | 25% | 6% | 30% | 0% | 7% | 22% |
| %Nangataka ireo fanafody hanalefahana ny fivoaran'ny tsimok'aretina VIH ka nahazo izany | 64% | 72% | 50% | 0% | 91% | 67% | 79% | 60% | 62% | | 44% | 81% |

# HODIDINA

ASRHR

FAHASALAMANA SY ZO ARA-PANANAHAN'NY ZATOVO

Tanora no mandrafitra ny 60% ny mponina aty amin'ny vondrom-paritra ho fampandrosoana ny tapany atsimon'ny Afrika (SADC), nefa miatrika fanamby goavana amin'ny fisitrahana ireo tolotra momba ny fahasalamana ara-pananahana, indrindra ireo ivelan'ny tanan-dehibe. Antony ara-kolontsaina, ara-pinoana, sy ireo sakana hafa momba ny fahasalamana ara-pananahana isany miteraka ny fahamaroan'ny tahan'ireo vohoka mialoha, ny fanalan-jaza tsy azo antoka, ny fanambadiana aloha loatra, ny herisetra, ny VIH SIDA, mianjady indrindra amin'ireo tovovavy. Mila hamafisina ireo adisisika ho fandinihana ny fenitra ara-tsosialy momba ny fahasalamana sy zo ara-pananahana tarihin'ny tanora. Na dia eo aza ireo fandrosoana lehibe nanomboka tamin'ny Fihaonam-be Iraisam-pirenena momba ny Mponina sy ny Fampandrosoana (ICPD) 25 taona lasa, olona an-tapitrisany, indrindra ny tanora, ny ankamaroany dia ireo sahirana, no mbola tsy afaka misitraka sy mahazo fampahalalana mikasika ireo tolotra momba ny fahasalamana ara-pananahana. *Madagasikara dia manana paikady nasionaly mahaleo-tena momba ny fahasalamana ara-pananahan'ny zatovo sy ny tanora 2018-2020.*

## IREO HITA

### Mahakasika ny tobim-pahasalamana

Ny fikarohana dia namoaka fa 65% amin'ireo tanora nohadihadiana no manana tobim-pahasalamana anatin'ny 10 km miala ny tranony, raha toa ka 71% ny hita tamin'ireo firenena rehetra. Eto Madagasikara, ny 78%-n'ny tanora (oharina amin'ny 57% tanaty ny fanadihadiana) dia nanamafy fa afaka misitraka ireo tolotra soa aman-tsara na aorian'ny ora fianarana ary 74% ireo nilaza fa misokatra ny tobim-pahasalamana rehefa faran'ny herinandro (61% ny angona rehetra). Anjozorobe ihany no nahitana taha ambany, 41%-n'ny tanora no nilaza fa misokatra ny tobim-pahasalamana aorian'ny ora fianarana raha 46% nitatitra fa misokatra izany rehefa farany herinandro. 33%-n'ireo tobim-pahasalamana tafiditra tanaty fanadihadiana no andoavam-bola, 2$ amin'ny ankapobeany, sarany lafo raha hoarina amin'ireo firenena hafa izay manome maimaim-poana ireo tolotra.


### Kalitaon'ny fikarakarana

Tsara ny zava-bitan'i Madagasikara raha eo amin'ny kalitaon'ny fikarakarana. 68%-n'ny tanora no nitatitra fa nahazo tolotra tsy nila


fanatrehana olon-dehibe, raha toa ka 58% ny tanaty fanadihadiana rehetra. Saika ireo tanora rehetra (92%) no nanamafy fa voahaja, oharina amin'ny 89% tanaty fanadihadiana manontolo. Samy 82% ny tahan'ny tanora nilaza fa ampy tsara ny fotoana laniany mpiasan'ny fahasalamana ho an'izy ireo (raha 75% ho an'ny rehetra) sy ny hoe nahazo fampahalalana mifanaraka amin'ny filany izy ireo (raha 74% ny rehetra). Miovaova be ihany ireo tarehimarika ireo isaky ny kaominina. Ohatra ho an'Andoharanomaitso, 33% tamin'ireo tanora fotsiny no nilaza fa tafihaona tamina mpanolon-tsaina olon-tsahala. Tany Bongatsara, 29% fotsiny no namaly fa ampy ny fotoana natokan'ny mpiasan'ny fahasalamana ho azy ireo. Hita araka izany fa ambany kokoa ny kalitaon'ny fikarakarana eny amin'ireo kaominina ambanivohitra ary tena mbola mila ezaka ny fampanarahana fenitra ny kalitaon'ny tolotra.

## Tolotra fahasalamana ara-pananahana

***Fanabeazana aizana:*** Betsaka ny tanora teto Madagasikara no nangataka fanabeazana aizana raha oharina amin'ny eo anivon'ny faritra SADC (46% /31%). Ambany anefa io taha io satria ho an'ny Manjakandriana (12%) sy Anjozorobe (17%), zara raha misy tanora nangataka fanabeazana aizana. Na teo aza anefa izany, 85% (79% ny teo anivon'ny faritra)-n'ireo tanora nangataka fanabeazana aizana dia nahazo izany avokoa. Mahajanga (97%), Andoharanomaitso (95%) ary Antanamitarana (93%) no kaominina sangany amin'ny famaliana ny filan'ny tanora momba ny tolotra fanabeazana aizana. Mihiba ho 41% io salan'isa io any Foulpointe, ity farany izay marihina fa toeram-pizahantany.




***Tanora bevohoka:*** 42%-n'ireo tovovavy teto Madagasikara no nangataka fitiliana fitondrana vohoka oharina amin'ny 29% ho an'ny rehetra. 85%-n'ireo nangataka fitiliana fitondrana vohoka teto Madagasikara no nahazo izany, ka 5%-n'ireo tovovavy nohadihadiana no bevohoka, raha toa ka 9% ny tanaty ny fanadihadiana manontolo.




***Fahasalamana mandritra ny fadimbolana:*** Tsy mbola misy hatreto resaka fanafoanana ny haba amin'ireo kojakoja ilaina mandritra ny fadimbolana eto Madagasikara. 13% ihany (raha 14% ho an'ny rehetra) no nangataka salaka tamin'ireo tobim-pahasalamana ary 76% be izao (raha 64% ho an'ny rehetra) no nahazo izany. Ny fanomezana salaka maimaimpoana dia isany lalana iray hitantanana ny fidiovana sy fahasalamana mandritra ny fadimbolana.

## VIH SIDA sy ireo aretina azo avy amin'ny firaisana



30%-n'ny tanora teto Madagasikara no nangataka hanao fitiliana VIH, oharina amin'ny 45% manerana ny SADC. Mihabo ho 92%-n'ireo nangataka fitiliana no nahazo teto Madagasikara (raha 83% ny rehetra), maneho fa efa tomombana ny rafitra ara-pahasalamana eo amin'ny fitiliana ny VIH. Toy izany koa, na 24%-n'ny tanora ihany aza no nangataka hanao ny fitiliana ireo aretina azo avy amin'ny firaisana teto Madagasikara (raha 17% ho an'ny rehetra), 88%-n'ny nangataka izany dia nahazo avokoa (raha 83% ny rehetra).

***RAHA MILA FANAZAVANA FANAMPINY** Tsidiho ny:*
*https://genderlinks.org.za/what-we-do/governance/local-action-for-voice-and-choice/*

**Tsipirian'ny fifandraisana:** *Gender Links Madagasikara*
**Adiresy:** Immeuble Premium, ex village des jeux Ankorondrano Antananarivo
**Tel**: +261328732519

www.genderlinks.org.za